REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERE DE LA SANTE PUBLIQUE
--------------------
SECRETARIAT GENERAL
---------------------
DIRECTION GENERALE DE FOURNITURE DES SOINS
--------------------
DIRECTION DE LA PHARMACIE, DES LABORATOIRES ET DE LA MEDECINE TRADITIONNELLE
---------------------

## FEPETRA TAKIANA AMIN'NY OLONA MANIRY HANANGANA TOBIM-PANAFODY

- Feno 25 taona;
- Manana ny mari-pahaizana baccalauréat;
- Tsy manana asa raikitra;
- Tsy mpitsabo na mpitsabo mpanampy
- Mipetraka ao amin'ny toerana angatahina;
- Nahavita fiofanana nandritra ny 2 volana tao amin'ny farmasia tsy miankina ao amin'ny faritra angatahina

## TOERANA AZO ANGATAHINA HANANGANANA TOBIM-PANAFODY

- Tafiditra ao anaty lisitra voafaritry ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka (Toerana saro-dalana);
- Mbola tsy feno ny isan'ny tobim-panafody efa miasa ao an-toerana;
- Elanelana amin'ny tobim-pahasalamana akaiky indrindra: 500 m - 2 km;
- Elanelana amin'ny tobim-panafody efa misy: mihoatra ny 100 m.

## FANAFODY AMIDY

- Vidiana amin'ny mpamongady fanafody na farmasia ara-dalàna;
- Fanafody voafetra araka ny lisitra voafaritra ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka

TRANO IVAROTANA: Misaraka amin'ny varotra hafa

**Manadalova maka ny andinindininy ao amin'ny :**

- Chef SDSP (Médecin Inspecteur) raha any amin'ny faritra
- DPLMT Tsaralalàna raha eto Antananarivo

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**ANTOTA-TARATASY ILAINA AMIN'NY FANGATAHANA HANOKATRA TOBIM-PANAFODY**

Ireto avy ny lisitry ny antotan-taratasy ilaina:

1) Fangatahana an-tsoratra izay alefa amin'ny Minisitra misahana ny Fahasalamana, izay ahitana ny anarana, fanampin'anarana, adiresy feno sy laharan'ny findain'ny mpangataka ary voasonian'ny Ben'ny Tanàna ao amin'ny toerana angatahana hanokafana Tobim-panadody, ny Médecin Inspecteur ary ny Talem-paritra misahana ny fahasalamana ( DRS);
2) Dika mitovin'ny kara-panondrom-pirenena ary voamarina;
3) Dika mitovin'ny mari-pahaizana izay voamarin'ny Sampandraharaha misahana ny Baccalauréat;
4) KOPIA nahaterahana (kôpia lava);
5) Extrait du casier judiciaire (Bulletin n° 3) latsaky ny telo (03) volana ;
6) Fanamarinam-ponenana avy amin'ny Lehiben'ny Fokontany;
7) Fanamarinana ny isan'ny mponina ao amin'ny Commune angatahana izay nomen'ny Ben'ny Tanàna;
8) Taratasy fanamarinana ny fiofanana nomen'ny Farmasianina avy ao amin'ny Faritra izay angatahana hanokafana Tobim-panafody.
9) Procès-verbal d'aptitude nofenoin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika;
10) Fiche de renseignements nofenoin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika;
11) Kisary maneho ny drafitry ny trano hatao Tobim-panafody;
12) Taratasy manoritsoritra ny toeran'ny Tobim-panafody angatahina haorina miohatra amin'ny elanelan'ireo Tobim-panafody efa misy, ny elanelana miohatra amin'ny Tobim-pahasalamana fototra na Hôpitaly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana;
13) Taratasy fanekena ataon'ny mpangataka ka tsy maintsy hamarinin'ny Ben'ny Tanàna ny sonian'ny mpangataka:
    - Fanekena fa hanaraka sy hanaja ireo didy aman-dalàna manan-kery,
    - Fanekena fa hamindra any amin'ny toeran-kafa ny Tobim-panafody rehefa misy Farmasia hisokatra eo an-toerana, ary hanaja ny halavirana efa voafaritry ny didy aman-dalàna manan-kery.
14) Fifanarahana mikasika ny fanofana trano na « acte de propriété » raha tompon'ny trano ny mpangataka;
15) Valopy roa lehibe tsy asiana adiresy ;
16) Hajia 2000 ariary;
17) Taratasy fanamarinana ny fananany zom-pirenena malagasy ho an'ireo teratany vahiny.

Atao dika telo (03) mitovy ireo antotan-taratasy ilaina amin'ny fangatahana alalana hanangana Tobim-panafody ka :

- Ny antotan-taratasy "original" no alefa any amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Farmasia, ny Labôratoara ary ny Fitsaboana nentim-paharazana (DPLMT) ao amin'ny Ministera miandraikitra ny Fahasalamana
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika (SDSP)
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Talen'ny Foibem-pitondrana misahana ny fahasalamana ao amin'ny Faritra(DRSP).

Tsy manankery ny antotan-taratasy tsy feno.

<u>Tompon'andraikitra</u>: Mme Rindra – Tél : 034 09 070 76

**ANTOTA-TARATASY ILAINA AMIN'NY FAMINDRAN-TOERANA TOBIM-PANAFODY**

Ireto avy ny lisitry ny antotan-taratasy ilaina:

1) Fangatahana fifindran-toerana an-tsoratra izay alefa amin'ny Minisitra misahana ny Fahasalamana, izay ahitana ny anarana, fanampin'anarana, adiresy feno sy laharan'ny findain'ny mpangataka. Io fangatahana io dia voasonian'ny Ben'ny Tanàna, ny Médecin Inspecteur ary ny Talem-paritra misahana ny fahasalamana ( DRS ) ao amin'ny toerana hialàna sy ao amin'ny toerana hifindràna;
2) Dika mitovy ny didim-pitondràna fahazoan-dalana;
3) Dika mitovin'ny kara-panondrom-pirenena ary voamarina;
4) Dika mitovin'ny mari-pahaizana izay voamarin'ny Sampandraharaha misahana ny Baccalauréat;
5) KOPIA nahaterahana (kôpia lava);
6) Extrait du casier judiciaire (Bulletin n° 3) latsaky ny telo (03) volana ;
7) Fanamarinam-ponenana avy amin'ny Lehiben'ny Fokontany ao amin'ny toerana hifindràna;
8) Fanamarinana ny isan'ny mponina ao amin'ny Commune hidirana izay nomen'ny Ben'ny Tanàna;
9) Fiche de renseignements nofenoin'ny Médecin Inspecteur ao amin'ny toerana hidirana;
10) Kisary maneho ny drafitra sy ny refin' ny trano hatao Tobim-panafody;
11) Taratasy manoritsoritra ny toeran'ny Tobim-panafody angatahina haorina miohatra amin'ny elanelan'ireo Tobim-panafody efa misy, ny elanelana miohatra amin'ny Tobim-pahasalamana fototra na Hôpitaly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana;
12) Taratasy fanekena ataon'ny mpangataka ka tsy maintsy hamarinin'ny Ben'ny Tanàna hidirana ny sonian'ny mpangataka:
    - Fanekena fa hanaraka sy hanaja ireo didy aman-dalàna manan-kery,
    - Fanekena fa hamindra any amin'ny toeran-kafa ny Tobim-panafody rehefa misy Farmasia hisokatra eo an-toerana, ary hanaja ny halavirana efa voafaritry ny didy aman-dalàna manan-kery.
13) Fifanarahana mikasika ny fanofana trano na « acte de propriété » raha tompon'ny trano ny mpangataka;
14) Valopy roa lehibe tsy asiana adiresy ;
15) Hajia 2000 ariary;
16) Taratasy fanamarinana ny fananany zom-pirenena malagasy ho an'ireo teratany vahiny.

Atao dika telo (03) mitovy ireo antotan-taratasy ilaina amin'ny fangatahana alalana hamindra Tobim-panafody:

- Ny antotan-taratasy "original" no alefa any amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Farmasia, ny Labôratoara ary ny Fitsaboana nentim-paharazana (DPLMT) ao amin'ny Ministera miandraikitra ny Fahasalamana
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika (SDSP)
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Talen'ny Foibem-pitondrana misahana ny fahasalamana ao amin'ny Faritra(DRSP).

Tsy manankery ny antotan-taratasy tsy feno.

Tompon'andraikitra: Mme Rindra – Tél : 034 09 070 76

**ANTOTA-TARATASY ILAINA AMIN'NY FAMINDRANA ANARANA TOBIM-PANAFODY**

17) Fangatahana famindràna anarana an-tsoratra izay alefa amin'ny Minisitra misahana ny Fahasalamana, izay ahitana momba ny mpangataka sy ny mpamindra : anarana, fanampin'anarana, adiresy feno sy laharan'ny findain'ny mpangataka. Io fangatahana io dia voasonian'ny Ben'ny Tanàna, ny Médecin Inspecteur ary ny Talem-paritra misahana ny fahasalamana ( DRS )
18) Taratsy fanomezan-dalana avy amin'ny tompony raha mbola velona na avy amin'ny mpandova rehetra raha maty ny tompony
19) Dika mitovy ny didim-pitondràna fahazoan-dalana;
20) Dika mitovin'ny kara-panondrom-pirenen'ny mpangataka ary voamarina;
21) Dika mitovin'ny mari-pahaizan'ny mpanagataka izay voamarin'ny Sampandraharaha misahana ny Baccalauréat;
22) KOPIA nahaterahana (kôpia lava);
23) Extrait du casier judiciaire (Bulletin n° 3) latsaky ny telo (03) volana ;
*24)* Fanamarinam-ponenana avy amin'ny Lehiben'ny Fokontany ao amin'ny toerana hifindràna;
25) Fanamarinana ny isan'ny mponina ao amin'ny Commune izay nomen'ny Ben'ny Tanàna;
*26)* Fiche de renseignements nofenoin'ny Médecin Inspecteur ao amin'ny toerana;
*27)* Kisary maneho ny drafitra sy ny refin' ny trano hatao Tobim-panafody;
28) Taratasy manoritsoritra ny toeran'ny Tobim-panafody angatahina haorina miohatra amin'ny elanelan'ireo Tobim-panafody efa misy, ny elanelana miohatra amin'ny Tobim-pahasalamana fototra na Hôpitaly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana;
29) Taratasy fanekena ataon'ny mpangataka ka tsy maintsy hamarinin'ny Ben'ny Tanàna ny sonian'ny mpangataka:
    - Fanekena fa hanaraka sy hanaja ireo didy aman-dalàna manan-kery,
    - Fanekena fa hamindra any amin'ny toeran-kafa ny Tobim-panafody rehefa misy Farmasia hisokatra eo an-toerana, ary hanaja ny halavirana efa voafaritry ny didy aman-dalàna manan-kery.
30) Fifanarahana mikasika ny fanofana trano na « acte de propriété » raha tompon'ny trano ny mpangataka;
31) Valopy roa lehibe tsy asiana adiresy ;
32) Hajia 2000 ariary;
33) Taratasy fanamarinana ny fananany zom-pirenena malagasy ho an'ireo teratany vahiny.

Atao dika telo (03) mitovy ireo antotan-taratasy ilaina amin'ny fangatahana alalana hamindra Tobim-panafody:

- Ny antotan-taratasy "original" no alefa any amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Farmasia, ny Labôratoara ary ny Fitsaboana nentim-paharazana (DPLMT) ao amin'ny Ministera miandraikitra ny Fahasalamana
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika (SDSP)
- ny dika mitovy (photocopies) anankiray ho an'ny Talen'ny Foibem-pitondrana misahana ny fahasalamana ao amin'ny Faritra(DRSP).

Tsy manankery ny antotan-taratasy tsy feno.

Tompon'andraikitra: Mme Rindra – Tél : 034 09 070 76

MINISTÈRE DE LA SANTÉ PUBLIQUE
--------------------
SECRÉTARIAT GÉNÉRAL
---------------------
DIRECTION GÉNÉRALE DE LA SANTÉ
---------------------
DIRECTION DE LA PHARMACIE,
DES LABORATOIRES ET DE LA MÉDECINE TRADITIONNELLE
---------------------

**FICHE DE RENSEIGNEMENT A JOINDRE A TOUTE DEMANDE D'AUTORISATION D'EXPLOITATION DES DEPOTS DE MEDICAMENTS DESTINES A LA MEDECINE HUMAINE**

1) **DEMANDEUR :**
- Nom et prénom :
- Age :
- Profession :

2) **LOCALITE DEMANDEE :**
- Fokontany :
- Commune :
- District :
- Région :
- Nombre de dépôts de médicaments dans la commune demandée :

3) **NOMBRE DE POPULATION :**

| Noms du titulaire | N° et Date de l'arrêté d'ouverture | Commune d'implantation | Distance en mètres par rapport au local du dépôt demandé |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

- Fokontany demandé :
- Commune demandée :

4) **DISTANCES PAR RAPPORT :**
- Formation sanitaire la plus proche :
- Chef lieu du SDSP :
- Pharmacie d'officine la plus proche :

5) **AVIS :**

| Autorités compétentes | MAIRE | Chef SDSP | DRSP |
|---|---|---|---|
| Date | | | |
| Avis | | | |
| Signature,<br><br>Nom et Cachet | | | |

MINISTÈRE DE LA SANTÉ PUBLIQUE
--------------------
SECRÉTARIAT GÉNÉRAL
----------------------
DIRECTION GÉNÉRALE DE FOURNITURE DES SOINS
----------------------
DIRECTION DE LA PHARMACIE,
DES LABORATOIRES ET DE LA MÉDECINE TRADITIONNELLE
----------------------

**<u>ANTOTA-TARATASY ILAINA AMIN’NY FANAVAOZANA NY FAHAZOAN-DALANA HITANTANA TOBIM-PANAFODY</u>**

1) Fangatahana fanavaozana fahazoan-dalana an-tsoratra izay alefa amin’ny Minisitra misahana ny Fahasalamana, izay ahitana ny anarana, fanampin’anarana, adiresy feno sy laharan’ny findain’ny mpangataka. Io fangatahana io dia voasonian’ny Ben’ny Tanàna ary misy ny Avis ny Médecin Inspecteur sy ny Talem-paritra misahana ny fahasalamana ( DRSP ) ao an-toerana;
2) Dika mitovy ny didim-pitondràna fahazoan-dalana;
3) Taratasy fanamarina-pahavelomana;
4) Fanamarinam-ponenana avy amin’ny Lehiben’ny Fokontany;
5) Extrait du casier judiciaire (Bulletin n° 3) latsaky ny telo (03) volana ;
6) Dika mitovin’ny kara-panondrom-pirenena ary voamarina;
7) Taratasy fanamarinana ny fananany zom-pirenena malagasy ho an’ireo teratany vahiny;
8) Vokatry ny fanaraha-maso nataon’ny Médecin Ispecteur tao amin’ny tobim-panafody.

MINISTÈRE DE LA SANTÉ PUBLIQUE
--------------------
SECRÉTARIAT GÉNÉRAL
----------------------
DIRECTION GÉNÉRALE DE FOURNITURE DES SOINS
----------------------
DIRECTION DE LA PHARMACIE,
DES LABORATOIRES ET DE LA MÉDECINE TRADITIONNELLE
----------------------

**FANDRAISANA OLONA MAKA ANDININDININY MIKASIKA NY TOBIM-PANAFODY: ALATSINAINY- ZOMA: 9 - 12 ora**

**TSY MANDRAY OLONA NY TOLAK'ANDRO**